VOLY RAKOTRA

## Faritra maika eto Madagasikara

# Fifandimbiasam-boly mifototra amin'ny konoke (na nemoke)



- Voly anisany hiadiana amin'ny kere
- Hiarovana ny tany amin'ny riaka sy ny tsioka atsimo
- Hanatsarana ny fahalonahan'ny tany

# Ny antony hambolena ny konoke

### Fomba mahazatra




### Olana




### Vahaolana




## Tombotsoa mety ho azo

- Miaro amin'ny fikaohan'ny riaka sy ny rivotra ny nofon-tany
- Mitahiry ny rano sy mampihena ny fahamainan'ny tany
- Mitondra azota sy sakafon'ny fambolena aorian'ny fahalovany
- Mampihena ny ahidratsy



Maniry amin'ny faritra hafa ihany koa ankoatra ny faritra maika ny konoke



- Ahazoana vokatra mandritra ny telo na efa-taona mifanesy (taona 2 betsaka ny vokatra, mihena tsikelikely manomboka ny taona 3)
- In-telo mioty ao anatin'ny taona iray
- Azo hohanina maitso na maina ny voany
- Ampiasaina amin'ny tapoka nohatsaraina
- Mampiasa hamandoana avy amin'ny rivotra ka afaka manome zava-maitso maharitra amin'ny main-tany
- Voaaro ny rakotra, tsy hohanin'ny omby
- Tsy lalovan'ny afo, satria maitso mandavan-taona

# Fambolena ny konoke

**Tanjona :** Mamokatra rakotra matevina sy maharitra, mandritra ny telo taona, ahazoana manatsara ny voly aorinany



Voly maharitra 3 - 4 taona

Maharakotra ny tany manomboka ny faha 2 taonany

Tsara fitombo raha misy handrazonany

**Mahatanty main-tany**

Mety amin'ny tany mainty, tany fasika (sable blanc littorral) ary tany mena fasihana (sable roux)

Voly tsy sarotony, tsy mila zezika. Haingana fitombo amin'ny tany tsara

Tsy mahantanty rano miandrona

## Fotoana fambolena


**Amoron-driaka misy ranon'ando :** volena febroary - martsa na jona - jolay

**An-tanety :** volena novambra - desambra

## Elanelan'ny voly

**Raha tsara ny tsiron'ny tany**


Tanjona : sady mahazo vokatra no mahazo rakotra




mila 100 – 120 g / 1 ara : masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

**Raha tsy tsara ny tsiron'ny tany**

Tanjona : mahazo rakotra, saingy kelikely ny vokatra




mila 200 – 240 g / 1 ara : masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

## Fikojakojana

Ilaina havaina ny taona 1, tsy miava intsony manomboka ny taona 2

Asiana fanafody mamono bibikely mpanimba ny voly :

- amin'ny fotoam-pitomboany raha tiana ny hahazo rakotra
- amin'ny fotoana famelanany raha tiana ny hahazo vokatra

Tsy maintsy otazana raha vao matoy, mba ahazoany mamokatra indray

## DIARIM-PAMBOLENA

| Taona voalohany | | | | | | | | | | Taona faha 2 | Taona faha 3 | Taona faha 4 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | … | | | |
| Amoron-driaka misy ranon'ando | | | | | | | | | | | | |
| | | Mamboly konoke | | | | Mamboly konoke | | | | Mioty konoke | Mioty konoke | Voly anaty rakotra konoke |
| An-tanety | | | | | | | | | | | | |
| | Mamboly konoke | | | | | | | | | Mioty konoke | Mioty konoke | Voly anaty rakotra konoke |





### Famonoana ny konoke sy fanomanana ny rakotra ho an'ny voly manaraka

**Tanjona :** Fahazoana rako-maty eo an-tanimboly

### Ny atao

Tombohana amin'ny angady ny fototry ny konoke 5 - 10 andro alohan'ny fambolena

Volena ao anaty rakotra konoke avy eo ny voly manaraka : katsaka, apemba, bajiry…, miaraka amin'ny voly fanao rakotra (lojy, antaka, …)

### Fetra sy fitandremana

Asiana aro afo amin'ny main-tany

Ny fandavoana alohan'ny faha 20 andro ny fambolena, dia mety ho lasan'ny tsioka atsimo ny rakotra

